Ny Valosoa sy fakafaka
Fitondrana miorina ambony fasika ny fitondran-dRajoelina 6

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Sabotsy 19 janoary 2019 Laharana 863 Vidiny : 400 Ar

Ohabolana 19:21 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 103), Madagasikara 16 janoary 2019

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Filohan'ny Repoblika vaovao 3

# DJ mpampandihy... mpanongam-panjakana



Andrimpanjakana 3

# Veloma ry senatera



TSENAN'ANOSIBE 5

## Foto-drafitrasa 3 no haorina amin'ny famatsiambola avy amin'ny CUA



Tranga 6

## Misesisesy indray ny faty olona hita

LTP miisa 26 7

## Nahazo fitaovana 9 kaontenera avy amin'ny sinoa

Fizahantany 7

## Mpizahatany japone 1000 mitsidika an'i Faradofay

Daka kely

Peho ny Baiboly raha sahy ialahy ry Boaikely a !

Irako Andriamahazosoa Ammi 2

## Filohan'ny FFKM vaovao



FIANIANAN'NY FILOHA VAOVAO

## Nisavoritaka ny fizarana ny fanasana



*Ny kianjaben'i Mahamasina, hanaovana ny fianianan'ny filoha Andry Rajoelina anio.*

Fianianana ataon'i Andry Rajoelina anio eny Mahamasina, misy tsy milamina ny resaka fanasana mahakasika izany. 48 ora mialohan'ny hanatanterahana ny lanonana arapitsarana manetriketrika handraisan'ny Fitsarana avo momba ny Lalampanorenena (HCC) ny fianianan'ny filoham-pirenena vaovao,Andry Rajoelina etsy Mahamasina, dia miakatra ny feo fa betsaka ireo tsy nahazo fanasana amin' izany, eny fa na ireo mpikambana amin'ny andrimpanjakana sy olomboafidy aza. Voakasik' izany ireo andrimpanjakana andrin'ny demokrasia sy ny fampihavanampirenena dia ny CENI, CNIDH, HCDDED ary ny CFM. Hatramin'ny fotoana nanoratana dia ampahany amin'ny mpikambana amin'ireny andrimpanjakana ireny no nandefasana fanasana. Misy parlemantera tsy nahazo fanasana. Hatramin'ireo raiamandreny mpitondra fivavahana aza misy tsy nahazo. Fanadinoana sa tsy fahaiza-mandamina sa inona no antony? Raharaham-panjakana ifanotronan'ny samy Andrimpanjakana anefa no resaka ka tsy tokony ho ferana ny isan'ny hasaina. Mbola ny fiadidiana ny Repoblika sa ny HCC sa efa ny ao amin'ny ARENA, araka ny resaka mandeha no manapaka sy mandray an-tanana ny fikarakarana io lanonana sy ny Arofenitra manodidina izany no mahatonga an'izao savoritaka izao. Aza adinoina ihany koa fa tsy vitan'ny hoe andrimpanjakana andrin'ny demokrasia sy ny fampihavanam-pirenena eto Madagasikara ihany koa ireo, fa misolotena andrimpanjakana sy fiarahamonim-pirenena ny mpikambana mandrafitra azy ireo avy. Ny tsy fanasana manontolo ny mpikamban'ny CENI toa mampametra-panontaniana hoe tsy hanao fifidianana intsony ve ? Ny fanavahana ny mpikamban'ny CNIDH nomena fanasana, toa mamofompofona fanosihosena zon'olombelona. Ny tsy fahazoan'ny mpikambana manontolo ao amin'ny HCDDED fanasana ve tsy efa finiavana tsy hanaja ny tany tandalàna, ary ny tsy nandefasana manontolo ny fanasana ho an'ireo mpikambana 33 mandrafitra ny CFM tsy efa fahalainana hanao fampihavanam-pirenena ? Tsy resahina intsony ny Filohan'ny Holafitry ny mpanao gazety sy ireo tompona gazety marobe izay dinganina fotsiny. Izany rehetra izany dia efa maneho ny tsy hahombiazan'ny fitondrana Rajoelina sahady.

***Ny Valosoa***

Fianakaviamben'ny TIM Antsirabe

## Nifampiarahaba tratry ny Asaramanitra tamin'ny senatera Olga Ramalason



*Ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra tany Antsirabe.*

Tonga niarahaba an'i senatera Lanto Rabenantoandro sy ny senatera Olga Ramalason vadiny ny DISTIM any Antsirabe 1, izay notaritin'ny filohany Andriamatoa Patrick, ny depiote Michel, Maitre Noro, sekretera jeneraly, ny filoha RaFaly : mpanamarim-bola, Andriamatoa Tovo : mpitantam-bola, Ramatoa Claudine : filohan'ny Tiako i Madagasikara (TIM), Ramatoa Bako : biraon'ny vehivavy TIM, Ramatoa Njara : mpitam-bolan'ny tanora TIM, Haja : Filohan'ny Tanora Tiako i Madagasikara.

Ho fiarahabana azy ireo dia nanolotra gisa ny solontenan'ny mpikatroka any Antsirabe I. Nisongadina tamin'ny fihaonana ihany koa, fa efa miomana ho amin'ireo fifidianana ho avy toy ny fifidianana depiote sy ben'ny tanàna,... ny mpikatroka TIM sy ny mpomba ny Filoha Marc Ravalomanana any andrenivohitr'i Vakinankaratra.

***Isambilo***

Fiainam-pirenena

## Be vola ny fanjakana fa ny vahoaka mitan-takolaka

Fenoina sainam-pirenena manara-penitra ny arabe mihazo an'i Mahamasina hatreny amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely, sy ny lalana rehetra holalovan'ny Filoha hanao fianianana.Tsara tarehy tokoa ny fijery azy ary tena natao amin'ny fanaovana azy tokoa. Ny indro kely anefa dia tsy tena ilay filahatra sy fipetraky ny sainam-pirenena Malagaasy ilay izy fa lasa maitso, mena, fotsy, nefa ny sainam-pirenentsika aloha hatreto mbola tsy niova. Mbola eo ihany koa ny mpitandro filaminana 1500 raha kely indrindra, hitandro ny fandriampahalemana mandritra io fotoana io fotsiny. Manginy fotsiny ny fandaniana manomboka etsy Mahamasina, ka hatreny Iavoloha. Vola tsy toko tsy forohana no tsy maintsy lanian'ny fitondram-panjakana ao anatin'izany rehetra izany. Be vola tokoa moa ny Fanjakana raha dinihana, fa etsy andanin'izay raha toa ka tsy ampy ny eo am-pelatanany dia angamba mbola nisy ambiny ny vola natokana ho an'ny fifidianana filoham-pirenena, na ampiasaina ny vola azo tamin'ny tsy fahamarinana namoahana ny voka-pifidianana. Ny vahoaka tsy mandady harona anefa toa mitantakolaka sy mitsetretra fotsiny mitazana ireo fihetsika miharo fandatsana ireo. Ny mpitondra fanjakana mihinana hanim-pitoloha, ny vahoaka kosa mitrongy vao homana. Dia antsika no mandinika. Andrasan'ny maro ny tena fampandrosoana dradradradraina tamin'ny fampielezan-kevitra ary manantena ny vahoaka fa tena hiova tokoa ny fiainany atsy ho atsy, ka tsy hisy intsona ny 4 mi. Iarahamahatadidy anefa fa ny tetezamitan-dRajoelina no tena nampitontongana ny zava-misy rehetra eto amintsika hatramin'izao, n any toekarena izany, ny sosialin'ny mponina, indrindra ny toetsaina sy ny kolontsaina dia potika avokoa. Ho lasa Miami hono i Toamasina, hibalika ny Tanamasoandro an'Antananarivo, ho lasa toy ny any am-pita ny faritany 6 iray manontolo. Tsy hisy intsony ny dahalo sy ny fanafihana etsy sy eroa ; tsy hisy ankizy mirenireny eny ambany tonelina fa dia ho tafiditra any am-pianarana avokoa. Ho salama tsy misy marofy ary raha sendra marary dia maimaimpoana avokoa ny fanafody sy ny fitsaboana, sns... Ampahany tamin'ny fampanantenana avokoa ireo voatanisa etsy ambony ireo, fa dia miandry ary ny vahoaka Malagasy, fa raha tsy izany no mitranga dia efa haintsika ny ho tohiny. Raha ny fandinihana azy anefa, ho nofinofy fotsiny ihany ireo fampanantenana nataon'i Andry Rajoelina ireo, fa tsy hisy ho tanteraka izany, eo isika mahita izy hoy ilay fomba fiteny izay.

***Rajaonarimpanontsana***

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fitondrana miorina ambony fasika ny fitondran-dRajoelina

Kihon-dalana lehibe no hisy an'i Madagasikara manomboka anio 19 janoary 2019, satria filoha vaovao DJ, izany hoe mpampandihy sy avy nanongam-panjakàna ihany no hitondra an'i Madagasikara indray. Manoloana izany, zavatra roa no mety hitranga, na ho any anaty lavaka mangitsokitsoka ny firenena sy ny vahoaka Malagasy maro an'isa ankoatra ireo manana fahefana mitantana ny firenena no handeha, na mba hahita ny anjara masoandrony ihany. Tsy misy mirary ratsy ho an'ny firenena eto, fa raha ny zavatra hita aloha dia toa fanjakàna miorina eo ambony fasika ihany no misy eto amintsika manomboka eto, ka tsy misy antenaina aminy. Fifidianana nahitàna halabato sy hosoka marobe nisy porofo, saingy nosaronan'ny HCC sy ny CENI no ipetrahan'ny filoha vaovao hitondra ny firenena, ka mahalasa eritreritra ihany ny ahitàna fahombiazana amin'izany. Vao naka ny fahefana dia halatra sy hosoka no nahazoana azy, hany ka lasa ohatra ratsy ho an'ny Malagasy efa trotraky ny fahantrana lalina tsy mahita ny lalankalehany intsony. Efa nangala-bato ny filoha vaovao sy ny mpomba azy nefa mbola azo lazaina ho kely ihany ny elanelam-bato teo aminy sy ny kandidà Filoha Marc Ravalomanana. Ireo mpanohana an-dRajoelina dia efa re fa efa misy mimenomenona sahady ankehitriny satria efa misy mitady ho voailika amin'ny fizaran-tseza. Izany rehetra izany dia tsy hampitombina ny fitondrana tarihany. Marobe ny fampanantenana nataon'ny filoha ankehitriny tamin'ny fampielezan-kevitra nataony izay efa niteraka resabe teto amin'ny firenena ihany. Koa miandry ny fanatanterahana ireny nofinofy nodradradraina ireny izao ny Malagasy fa aoka tsy hiteny hoe nofy ririnina ihany ireny a!

***Helisoa***

FFKM

## Ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi indray no ho filoha



*Ny filohan'ny FFKM vaovao, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi.*

Ny filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi indray no ho filohan'ny FFKM, na ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara amin'ity taona 2019. Izy indray no hisolo ny filoha am-perinasa amin'izao fotoana izao dia ny filohan'ny Eklesia Episkôpaly Malagasy (EMM), na ny Fiangonana Anglikana, Mgr Samoela Jaona Ranarivelo. Rahampitso alahady tolakandro eny amin'ny fiangonana Anglikana, Saint Laurent Ambohimanoro no hanatanterahana ny famindram-pahefana eo amin'izy ireo. Miova isantaona ny filohan'ny FFKM, ka mifandimby amin'izany toerana izany ny avy amin'ny Anglikana, ny FJKM, ny Katolika ary ny FLM. Manana ny anjara toerany eo amin'ny fiainam-pinoana sy eo amin'ny raharaham-pirenena ny FFKM hatramin'izay ka hatramin'izao, ka anisan'ny zava-dehibe eo amin'ny fiainam-pirenena koa izao famindram-pahefana izao.

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Filohan'ny Repoblika vaovao : DJ, Mpanongam-panjakana

Vita omaly Zoma 18 Janoary ny famindram-pahefana teo amin-dRajaonarimampianina Hery, filohan'ny repoblika teo aloha, sy Rajoelina Andry filoha vaovao. Tsy mbola nisy toy izany koa satria ny sarety indray no mandeha alohan'ny omby. Mbola manaporofo iny tranga iny fa misy fandrindrana tsy mifanaraka amin'ny lojikam-pitantanandraharaha loatra, tsy fantatra avy aiza no niteraka izany. Raha ny marina dia efa vita ny fianianana vao atao ny famindram-pahefana satria tsy mbola manana ny fahefana maha filohan'ny Repoblika azy Rajoelina Andry raha tsy efa vita ny lanonana anio sabotsy maraina ary efa misamboady ilay lamba miloko ny sainam-pirenena ary miravaka ilay "grand croix" izy vao tokony hanao famindram-pahefana. Nolazaina tetsy sy teroa fa "nanara-penitra" avokoa izay natao sy narafitra ary ny fikarakarana ny hetsika rehetra kanefa ny tsapa sy hita dia tsy nisy na iray aza nanaraka ny kalitao takian'izany. Vahoaka niakatra teny Andafiavaratra no nanery ny Filohan'ny Repoblika I teo amin'ny fitondrana tamin'ny taona 1972. Nisy vahoaka nirohotra toy ny tamin'ny taona 1991 angaha teny Iavoloha ka nanery ny Amiraly Ratsiraka Didier nanao ny fifanarahana'ny 31 Oktobra 1972? Tsy fanonganam-panjakana, hono, no nataon'ny TGV tamin'ny 2009 fa hetsi-bahoaka no nanaisotra ny Filoha Ravalomanana Marc teo amin'ny fitondrana, ka nanery azy nanao sesitany ny tenany tany Afrika Atsimo. Basy aman-tafondro no nirefodrefotra ary vahoaka no niambina teny Iavoloha fa ny miaramila mpihoko no nanafika teny tamin'izany. Noterena nanao sonia ny famindram-pahefana tamin-dRajoelina Andry ny jeneraly efatra mirahalahy izay nanoloran'ny Filoha Ravalomanana Marc ny fahefana. Ny hetsi-bahoaka, raha izay no ilazana azy, dia ny fandrobana sy ny dorotrano tetsy sy teroa. Miaramila mpihoko sy andian'olona tsy voafehy no niara-dia tamin-dRajoelina Andry ka tsy nisy "nanara-penitra" ireo satria tsy nifanaraka tamin'ny ambaratongam-pifehezana eo anivon'ny foloalindahy sy ny fitsipi-pitondratenan'ny olompirenena tsirairay araka ny lalàn'ny fiaraha-monina. Nandritra ny tetezamita dia tsy nisy lalàna azo nampiharina teto satria gaboraraka ny fitantanana ny Firenena, ka ny nataon'ny mpitondra ihany no modely nalain-tahaka, samy nanao izay saim-pantany ny rehetra ka nanjaka ny kolikoly, nanankarena tampoka ny teo amin'ny fitondrana, nahazo laka ny tsy fandriampahalemana, niha-nahantra ny vahoaka tsy mandadiharona. Tsy nisy nanara-penitra koa ireo na iray aza. Tsy nisy nandeha tamin'izay laoniny ny fanomanana ny fifidianana. Mampiahiahy ny voka-pifidianana na ny tsy ofisialy na ny ofisialy satria feno hosoka sy halabato. Noveriverezina tamin'ny fitanisana nandritra ny ora ireo fitoriana tsy azo noraisina sy ny fanambaniana ny mponin'Antananarivo, Renivohitr'i Madagasikara, ary itoeran'ny mponina rehetra avy amin'ny lafivalon'ny Nosy, no nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), nialohan'ny namoahany ny didy. Tsapan'ny ankamaroan'ny olompirenena fa nisy dian-tànan-dRajoelina Andry ireo tranga ireo satria tsy ny isan'ny olona 27 tokony nanatrika ny "débat" faharoa no navela nanatrika fa noferana ho olona 5. Nosakanan'ny Praiminisitra tsy niditra teo amin'ny "parvis" namoaka ny fahamarinana ireo mpomba ny K25. Najanona tampoka ny fampitahana ny fitanana an-tsoratra (PV scannés) teny amin'ny foiben'ny CENI. Tsy mbola nanara-penitra ihany koa ireo. Hiaina izany indray ny Malagasy mandritra ny dimy taona ho avy satria efa manomboka sahady ny gaboraraka sy ny fanaovan'ny mponina sasany izay saim-patany eny anivon'ny fiarahamonina. Vao miandoha tokoa ny fandraisana fahefana dia efa tsy "manara-penitra" ny hetsika rehetra ka ho tsinjak'i Rainibejofo ity ka samy hanao izay saim-patany. Ho fehiny dia Filohan'ny Repoblika DJ, mpanongam-panjakana indray no hitondra an'i Madagasikara, koa tsy hahagaga afaka volana na taona vitsy dia hilentika indray i Madagasikara satria olona mpandroba, mpangala-bato, izany hoe mpangalatra amin'ny endriny rehetra, mpanao kolikoly no mitondra ny firenena, koa tsy hisy fandrosoana antenaina ny amin'izany…

***Andry Tsiavalona***

Andrimpanjakana

# Veloma ry senatera

Raha ny lojikan'ny fiforonan'ny andrimpanjakana hisy manaraka eto dia hijoro ny Governemanta, hotendrena ny Praiminisitra, manaraka avy eo ny fifidianana isan-karazany toy ny Antenimieram-pirenena, ny Rezionaly, ny Distrika ary ny Kaominaly. Fa ny tena goavana amin'ireny dia ho foanan'i Andry Rajoelina ny Antenimierandoholona, izany hoe tsy hanana Senatera intsony i Madagasikara mandritra ny 5 taona itondrany. Anisan'ny Velirano nolazainy izany nandritra ny "fihaonan'ny kandida 2" tamin'ny fahitalavitra TVM sy ny Radio Madagasikara (RNM), mialohan'ny fifidianana fihodinana faharoa. Koa dia mampamangy indray àry aloha ry Senatera sady mametra-beloma dieny izao. Angorony ny entana sao voaraoka amin'ny tsy fidiny eo raha mbola mihevitra ny hibodo toerana. Nambara mantsy tamin'io fotoana io fa andrim-panjakana mandany vola fotsiny ianareo : "Budgetivore", ka tsy misy ilàna azy eto amin'ny firenena. Asa aloha na izay no marina na misy zavatra hafa satria raha jerena amin'ny zava-nisy tokoa dia olona mpanohana ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina no tena mameno ny Lapa Maitso ao, antony iray hanafoanany ity andrimpnjakana ity angamba izany. Tomba-tombana ihany izay fa raha toa ka hisy izay fanafoanana izay dia tsy maintsy hisy ny fikitihana ny andinin-dalàna sasany ao anaty Lalam-panorenana ao. Hatreto aloha raha tena mitazona ny teniny marina ny filoham-pirenena dia Bye bye Senatera hoy ny fitenin-jatovo izay. Ny Loholona anefa araka ny andraikitra sahaniny dia mpanolotsaina ny Governemanta sady mpiahy ny Vondrom-bahoakam-paritra ihany koa, izany hoe, tena akaikin'ny vahoaka sy ny fitondrana. Isan'ny mpandany ny volavolan-dalàna avy nolanian'ny Antenimieram-pirenena ihany koa izy ireo. Iankinan'ny aim-pirenena ihany koa, araka izany, ny Antenimierandoholona. Nihazakazahan'ny fitondrana Hery Rajaonarimampianina ny nanoloana ny filohan'ity andrim-panjakana ity nialohan'ny fifidianana filoham-pirenena, ka nanoloana ny senatera Honoré Rakotomanana an'i Rivo Rakotovao filohan'ny HVM. Politika avo lenta avokoa ireny rehetra ireny ary matoa hofoanana izy ity dia iza indray ary no ho filoham-panjakana mpisolo toerana raha sendra tsy afa-mitantana ny filoham-pirenena tompon-toerana ? Raha ny hevitry ny filoham-pirenena angamba dia hisy rafitra hafa hatsangany hasolo ny Loholona satria tsy lojika raha toa ka lazaina fa hitsinjo sy hampandroso ny vondrom-bahoakam-paritra sy ny fitsinjaram-pahefana ny tenany kanefa tsy hisy Loholona dia tsy maintsy mitady rafitra iray hafa hampanatonana ny fitondrana amin'ny faritra 22 izany. Na izany na tsy izany, voaporofo hatrany izao fa mpandrava Rajoelina fa tsy mpanangana satria dia ho ravany ny rafitra efa nijoro efa ho am-polon-taonany vitsivitsy izao.



*Ny lapan'ny Antenimierandoholona etsy Anosikely.*

***Rajaonarimpanontsana***

## NY TENY FIAINANA




***Malakia 3 : 18.***

*Ho hitanareo ny tsy fitovian'ny manompo an' Andriamanitra sy ny tsy manompo Azy.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Zandary namelaka tehamaina olon-tsotra, fanamparam-pahefana vao manomboka io



**Tambanivohitra Johan Leboy :** tehampify mandrivorivo teny Mahazo, mbola vao manomboka io fanamparam-pahefana ataona mpitandro filaminana io.

**Mialy Razafindrasoa :** zandary am-perinasa tsy tokony hidaroka olona toy izao, na inona na antony na inona.

**Miadana Reginah Reg :** tena tehampify. Soa ian le band fa nis reflex ts nikasitanana azy fa rah ts izan d io ndray no diso.

**Razafinarivo Theodore :** vangoa tsy hay valiana. Hoy ny antimo. Grave, abus de pouvoir!

Hanta Rasoanantenaina : raha misy mamely tehamaina anao amin akavia de omeo azy ko ny havanana courage ianao.

**Amboara Ra :** D ref tsarainy ny vahoaka rehf  avy eo d teztra.

**Razafinarivo Theodore :** mbola ho be ny ho sisa e. Vao manomboka izao ny fanamparam-pahefana hataon'ny zandary izay tena nomba an-dRajoelina tamin'ny fandefasana lakrimôzena tetsy amin'ny 13 mey.

**Tambanivohitra Johan Leboy :** ie, vao manomboka tokoa io, fa ho avy amin'izay ny gaboraraka sy ny fanamparam-pahefana amin'izao fitondran-dRajoelina vao manomboka izao.

**Aina Finoana :** samy diso amiko ireo satria samy mamo ! samy niteny ratsy, fa na izany aza tsy tokony hidaroka ilay zandary.

**Hanta Rasoanantenaina :** fa le mikasi- tanana kosa tsy mety eh !

**Aina Finoana :** tsy mety ny mikasitanana, izay no maha diso azy fa ity be Vava b amin mpitandro filaminana ity koa tsy Mety ! En plus efa mamo izy ! Donc amiko Samy diso tsy misy hoe madinika ou pas rehefa mamo tokony hikombona ny Vava.

## TONONKALO

## Manjakazaka ny "firamaka"

Miseho ny "firamaka" , mandidididy
Fa olony mantsy no indro voafidy.
Ka aza variana na koa midonàka,
Mba tsy ho devoly no tompon`ny laka.

Miseho ny "firamaka" sady vavàna.
Manampatra ny hery sy ny fahefana.
Kanefa aza menatra ry olom-piangonana
Fa asehoy koa ny fahavononana.

Miseho ny "firamaka" f`aza mitsoaka.
Meteza hivondrona re ry vahoaka.
Dia `ndeha porofoy mba ho re eto an-dasy:
Tsy mila "firamaka" ny Malagasy.

Miseho ny "firamaka" nefa aza miahotra.
Ialao  ny hakiviana , reseo koa  ny tahotra.
Ilay Andriamanitra no Tompontsika
Na inona hevitry ny hoe "laika".

***DADAN`i ZINA (15-01-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fihaonan'ny Ben'ny tanànana Lalao Ravalomanana tamin'ny fikambanan'ny delegen'ny tsena Anosibe FDTA.









Fanamboarana «buse» sy làlana teny Ankadifotsy sy Antanimena nataon'ny CUA sy ny Jirama.





Ny fanamboarana rarivato ny sisin-dàlana tetsy amin'ny EPP Antsahabe, Boriborintany faha-2.





## Ohabolana 19:21

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 103), Madagasikara 16 janoary 2019

***Ohabolana 19:21 "Maro ny hevitra ao am-pon'ny olona; Fa ny fisainako Jehovah no haharitra."***

Ry mpamaky! Maro sady betsaka ny fampianarana nataoko JEHOVAH, ny faminaniana, tao koa ny anatra fa mbola betsaka ihany ny tsy mino, maniratsira, manendrikendrika, miteny ratsy mihitsy aza. Hono ho'AHO ry olombelona??? Ho aiza hianareo? Mandrafitra fiainana inona? Inona no ananananareo? Miafara aiza avy ary ho any amin'iza? Izany dia valiako ihany: ao amin'i JESOSY izany rehetra izany. IZAHO JEHOVAH izao no miteny aminareo izao fa tsy olombelona toa anareo. Izany izao mahatery AHY izao fa tsy tiako hianareo ho diso lalana sy be ady hevitra amin-javatra maro. Ny AHY JEHOVAH dia fampiraisana, fiombonana fa izany no antom-pisian'izao ASA FARANY izao. Ny antony nandefasana an'i JESOSY teo aminareo dia hanao izany asa izany ary indrindra hampahafantatra ny FANJAKAKO ho vantaninareo rahatrizay. Noho izany ry mpihaino, ry mpamaky, aoka izay ny fitsitokotokoana sy fitsaratsarana, ny bedibedy sy ny fifandirana indrindra ny fifaninana amin'ny endriny maro. Raha mifaninana hianareo dia izay hahatafiditra anareo ao amin'ny FANJAKAKO atao hazakazaka ary izay hahalalana an'i JESOSY sy ny fitiavany no tadiavo fatratra. Tsy maintsy miafara ao Aminy ny zava-drehetra ka samia mandinika sy misaina ry zanak'olombelona ambany masoandro. Raha nampianatra anareo ireo dingana dimy AHO dia ANTOKA ny dikany, azo atao tsara, azo raisina koa ary tena azo tanterahina. Rehefa vita ny dingana dia izay vao azo lazaina fa tafiditra ao anaty FANJAKANA hianareo, dia Ilay Fanjakan'ny Lanitra. Ireo tonga ao anaty Fanjakana no atao hoe mpiray lova, mpiara-mihazakazaka, mpiara-miasa, mpihavana, mpiombona amin'ny zavatra rehetra, ary izany dia aseho amin'ny alalan'ilay atao hoe "FANASAN'NY TOMPO" no manafaingana ny fahalalanareo azy. Dia ireo nanolo-tena hanara-dia an'i JESOSY, manompo AZY amin'ny fitiavana, manaraka antsakany sy an-davany ary manatanteraka ny Teniny, ny baikony ary ny hafatra rehetra napetrany. Aza hadino fa ireo ilay miomana ho tsenain'i JESOSY amin'ny fotoan'andro ka aoka hianareo hahalala FAHAMARINANA fa aza variana mihitsy. Tsy fifaninana hoy AHO ny fiarahana amin'i JESOSY fa nangonina eo amin'ny toerana iray hianareo mba hitovy. Misy valim-pitia ny lalana izoranareo fa tsy fisehosehoana na hala tahaka na fifaninanana koa. Raiso am-pitiavana sy am-pahendrena izay renao avy AMIKO mba hisy fiafarana ianao dia aza enjehina intsony AHO JEHOVAH fa avelao AHO ho MPAMONJY sy ary manome MPAMONJY sy MPANAVOTRA anareo. Aoka izay ny ady hevitra fa ny fotoana mandroso fa tsy mihemotra. Vakio ireto dia afaka mahalala tsara ianao ary tsy ho diso intsony ary dia hitoetra ho mahatoky mandra-pihavin'i JESOSY haka anao indray. ***Apokalypsy 2: 7*** *"Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin'ny hazon'aina, izay eo amin'ny Paradisan'i Jehovah Andriamanitra."*, ***Apokalypsy 2: 17*** *"Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia homeko mana miafina sady homeko vato fotsy, ary eo amin'ny vato dia misy anaram-baovao voasoratra, izay tsy fantatr'olona afa-tsy izay mandray azy ihany."* ***Apokalypsy 2: 26-28*** *"Ary izay maharesy ka mitandrina ny asako hatramin'ny farany dia homeko fahefana amin'ny jentilisa; ary hiandry azy amin'ny tehim-by izy ka hanorotoro azy toy ny fanorotoro vilany tany, dia araka izay efa noraisiko tamin'ny Raiko. Ary homeko azy ny kintana fitarika andro."* ***Apokalypsy 3: 4-5*** *"Kanefa misy olona vitsy atỳ aminao atỳ Sardisy izay tsy nandoto ny fitafiany; ary hiara-mandeha Amiko mitafy lamba fotsy ireo, satria miendrika Izy. Izay maharesy dia hitafy lamba fotsy tahaka ireo koa, ary tsy hamono ny anarany eo amin'ny bokin'ny fiainana tokoa Aho, fa hanaiky ny anarany eo anatrehan'ny Raiko sy eo anatrehan'ny anjeliny."* ***Apokalypsy 3: 12*** *"Izay maharesy no hataoko andry eo amin'ny tempolin'i Jehovah Andriamanitro, ary tsy hiala eo intsony izy; ary hosoratako eo aminy ny anaran'i Jehovah Andriamanitro sy ny anaran'ny tanànan'i Jehovah Andriamanitro, dia Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin'i Jehovah Andriamanitro, ary Ilay Anarako vaovao."* ***Apokalypsy 3: 20-21*** *"Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko. Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka Amiko eo ambonin'ny seza fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny seza fiandrianany."* Tokony mahalala ireo ny mpandray ny FANASAN'I JESOSY.

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## TSENAN'ANOSIBE

# Foto-drafitrasa 3 no haorina amin'ny famatsiam-bola avy amin'ny CUA

Hahazo fanampiana ara-bola na subvention avy amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny tsenan'Anosibe. Foto-drafitrasa 3 ho fanatsarana izany tsena izany no ho azon'ity tsena lehibe indrindra eto Antananarivo ity. Nifampiarahaba tratry ny Asaramanitra tamin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana afak'omaly, ny Fikambanan'ireo Delegen'ny tsenan'Anosibe na ny FDTA, nisy koa tamin'izany dinik'asa nataon'ny andaniny sy ny ankilany. Ireo tetikasa miisa 3 ireo dia araka ny hetahetan'ireo mpivarotra ao Anosibe, ka ho tanterahina ato ho ato, misy ny hatao fohy ezaka, misy ny hatao antonon'ezaka. Ireo teknisian'ny kaominina sy ny solontenan'ny delegen'ny mpivarotra no hamaritra ireo tetikasa 3 hatao. Hatramin'izay dia efa nisy ny fiaraha-miasan'ny delegen'ny mpivarotra ao Anosibe sy ny CUA, hatevenina izany amin'ity taona 2019 ity, araka ny fanazavan'ny filoha lefitry ny FDTA, Lala Jaona Randriamanantsoa. Ny tsenan' Anosibe dia anisan'ny tsena lehibe itondran'ireo tantsaha ny vokatra hamatsiana ny renivohitra, ka ataon'ny CUA vaindohan-draharaha ny fikarakarana azy, toy ireo tsena hafa eto Antananarivo.



*Ny fihaonana teo amin'ny ben'ny tanàna sy ireo delegen'ny tsenan'Anosibe FDTA.*

***Aly***

## CUA sy Jirama

# Mamerina amin'ny laonina ny fantson-drano maloto sy lalana simba etsy Antanimena

Anisan'ny antony iray manimba ny làlana eto Antananarivo Renivohitra ny fahasimban'ireo "buse", na fantson-drano maloto any ambanin'ny arabe, toy izany indrindra no nitranga teny Ankadifotsy ampitan'ny Sekoly Katolika Fo masin'i Jesoa Antanimena; simba noho ny fahanterany sy fahatapahan'ireo "tuyau"-ny Jirama mantsy ny "buse" iray tao amibanin'ny arabe, ka izay no nahatonga ny fahasimban'ity lalana ity. Ny andron'ny omaly dia tonga avy hatrany teny an-toerana ireo sampandraharaha misahana ny foto-drafitrasa avy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), mba hamerina amin'ny laoniny indray ireo simba teny an-toerana toy ny "buse" sy ny arabe, tonga teny ihany koa ireo ekipa avy ao amin'ny Jirama nanolo ireo "tuyau" tapaka. Haharitra andro vitsivitsy ny famerenana amin'ny laoniny ity làlana ity. Manentana ny mponina araka izany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra mba samy hikajy ny fotodrafitr'asa hatrany.



*Ny fanamboarana lalana sy fantsona any ambanin'ny tany etsy Antanimena.*

***Isambilo***

## EPP Antsahabe

# Nataon'ny CUA rarivato ny sisindalana nihotsaka

Taorian'ny fihotsahan'ny sisin-dalana eo amin'ny EPP Antsahabe ary mandrampiandry ny asa fanamboarana izay hanomboka tsy ho ela, nandray fepetra nanao rarivato hoentina hiarovana ny rano, ny fiara ary ny mpandeha an-tongotra mba tsy hanamorona ny efa mihotsaka, ka hampihitatra izany indray ny mpiasan'ny boriboritany faha-2 Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Izany no atao dia ho fitsinjovana ny mponina hatrany amin'izay loza mety hitranga. Entanina arak'izany ny mponina sy ny mpitondra fiara manodidina iny toerana iny mba tsy hanamorona akaiky loatra izany tany efa mihotsaka izany.

***Aly***



*Ny fanamboarana sisin-dalana nataon'ny CUA tetsy Antsahabe.*

TRANGA

## Misesisesy indray ny faty olona hita

Misesisey indray ny faty olona eto Antsirabe. Nahitana fatin-dehilahy iray tokony ho 45 taona teo ho eo indray mantsy tao amin'ny fokontany Mahafaly-Vatofotsy omaly maraina. Tsy nisy hifandraisany tamin'ny raharaha vonoan'olona nitranga tao Antsirabe ny faran'ny taona kosa anefa fa dia karazana lozam-pifamoivoizana no nahavoa ity lehilahy ity. Tombanana ho olona nodomin'ny fiara ity lehilahy ity, ka nitsoaka ny fiara ary raha tamin'ny fotoana nahitana ny razana dia mety ny maraindraina no nahavoa azy, satria mbola nalefaka dia nalefaka ilay razana rehefa navadibadiky ny BMH. Raha ny nambaran'ny olona nahita azy dia mbola niantso fanampiana tamin'ny mpandalo izy mba hanarina azy, tokony ho tamin'ny 5 ora sy sasany tany ho any, mba hampiakatra azy amin'ny posy sy hitondra azy ho any amin' ny hopitaly, saingy tsy nisy nety nanampy azy ny olona noho ny tahotra amin'ny fanadihadiana sy ny sisa angamba ary dia nitarika azy tamin'ny fahafatesana izao, noho ny habetsaky ny rà very taminy. Nahitana kiaka sy naratra tany amin'ny valahany tany ary hita ho nisy fahatapahana ihany koa ny hatony ary voadona ny lohany, mety tamin'ny fianjerany no nahatonga izany. Fantatra fa mpiambina tranon'ny anabaviny mipetraka any an-dafy any hono no asany, ka asa na sendra nivoaka hividy zavatra izy izao voadona izao. Efa tonga ny fianakaviany sy ny vady aman-janany naka ny razana taorian'ny fizahana nataon'ny polisy sy ny BMH satria avy any amin'ny kaominina Ambano no fiaviany.

***Lezama***

Fifamoivoizana

## Potika ny RN13 vokatry ny rotsak'orana be loatra

Potika ny lalampirenena faha-13 na ny RN13 vokatry ny rotsak'orana be tato ho ato. Dibo-drano avokoa izay rehetra lalovan'ny RN13: Ambovombe- Betroka. Lalana 59 km, roa andro vao afaka. Tsy mampino kanefa izay no zava-misy. Izany dia noho ny orana tsy nijanona mihitsy tao anatin'ny andro maromaro izao. Vokany, potika avokoa ny lalana, dibo-drano avokoa ireo izay tazan'ny maso, simba ny voly sy ny maro hafa. Sahirantsaina ny mponina sy ireo mpampiasa ny lalana. Mananontanona ny kere. Mijaly ny mponina. Fotoana tokony hanombohana ny varo-mora araka ny fampanantenana nataon'ny Mapar sy ny forongony. Raha ny toy izany no mitohy, fijaliana tsy omby tratra no misy. Ankoatra izany, mbola manao ny asa mahazàtra azy ireo malaso amin'ny distrikan'i Betroka. Fakana olona fanaovana takalon'aina. Vaovao tsy avoakan'ny haino aman-jerim-panjakana. Manalasala sahady ny hampiverina amin'ny laoniny ny fiainam-bahoaka.



*Ny RN 13 feno rano.*

***Mangarahara***

Baolina kitra ho an'ny jamba

## Hatsangana any Antsirabe ny CECIFOOT

Fanatanjahantena sy fiaraha-miasa amin'ny tsy miankina amin'ny fanjakana, hatsangana amin' ny fotoana maha mety azy eto amin'ny Faritra Vakinankaratra ny fotodrafitrasa ho an'ireo manana fahasembanana ara-pahitana eo amin'ny fanaovana baolina kitra. Tonga nitsidika ny faritra Vakinankaratra ny alakamisy maraina teo ny Filoha mpanorina ny Fikambanana "Cecifoot" Andriamatoa David Hoareau sy ny sekreteran'ny Fikambanana avy atsy La Réunion, na ilay atao hoe baolina kitra ho an'ireo olona manana olana ara-pahitana. Nandray azy ireo tamin'izany ny Tale miadidy ny Fampandrosoana ny Faritra, Andriamatoa Rakotoarivelo Rivo Herindray ary ny Tale miadidy ny Raharaha Ankapobeny sy ny Lafintany eto anivon'ny Faritra, Ramatoa Ramahandriarivo Fanja Harisoa. Noresahina nandritra io fotoana io fa hatsangana eto Antsirabe ny ivontoerana iray ara-panatanjahantena, na ilay atao hoe "Cecifoot" baolina kitra ho an'ireo manana fahasembanana ara-pahitana, ka fanabeazana ara-batana sy ara-tsaina ary ara-koltoraly natao ho fanazaran-tena no tanjona amin'izany. Ilaina ny fiaraha-mientan'ny isan-tsokajiny avy : Ministeran'ny Fanatanjahantena sy ny Tanora, ny Ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana ny Ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy, Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, ny Ministeran'ny Kolontsaina, ny Fampiroboroboana ny Asa tanana ary ny Fiarovana ny Vakoka, ireo Foibem-paritr'ireo Ministera voatonona ireo ary ireo hery velona misy aty an-toerana. Any La Réunion no misy ny foiben'ity Fikambanana Cecifoot ity, ka ezahina ny hanapariahana azy io eto Madagasikara eny anivon' ny Faritra, raha toa ka efa tafapetraka ny ao Antananarivo dia anjaran' Antsirabe indray izao no kasaina hananganana ny fotodrafitr'asa ary ilay mpilalao fanta-daza ao amin'ny ekipam-pirenena Malagasy Barea, Thomas Fontaine no Ray mpiahy ny eto an-toerana.

***Solohery***

SARIITATRA: Eo anatrehan'ireo maty nifidy ahy no anaovako fianianana




Boriboritany faha-2 (CUA)

## Nanala ireo lobolobo tetsy amin'ny tonelina Ambanidia



Mitohy hatrany ny fanadiovana ataon'ny mpiasan'ny boriboritany faha-2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), mba hanomezana endrika mahafinaritra ny tanànan'Antananarivo renivohitra. Omaly zoma 18 janoary 2019 dia nanala ireo lobolobo izay hita fa manaratsy endrika ny tonelina Ambanidia indray ny mpiasan'ny boriboritany faha-2, sady natao koa izany iadiana amin'ny voalavo izay miafina any anatin'ireny lobolobo ireny.

***Aly***

Antsirabe II

## Miseho lany indray ny tsy fandriampahalemana

Mitady hahazo vahana indray ny tsy fandriampahalemana eto amin'ny manodidina an'Antsirabe sy iny Antsirabe faharoa iny. Raha tsiahivina dia vao tsy ela no nisian'ilay fanafihan-jiolahy tao Mahafaly, ka naharatrana olona mpianaka roa izay voatery nidirana hopitaly mihitsy. Nahazoana akony indray izay tsy fandriampahalemana izay tany amin'ny fokontany Fandrindrano ny faran'ny herinandro lasa teo, ka andian-jiolahy efa ho 30 tany ho any no indray nanafika tao amin'ny tanàna atao hoe Antanifotsikely, fokontany Fandrindrano-Andranomanelatra. Voalaza fa mbola niverina indray ireo jiolahy ireo ny alin'ny alatsinainy saingy tsy nandroba fa toa nampihorohoro fotsiny. Fantatra ihany koa fa tokantrano roa no nolalovan'ireo jiolahy ireo nandritra ny alin'ny alahady lasa teo iny saingy tsy voafaritra mazava ny teti-bidin'ny zavatra nangalarin'izy ireo satria dia nisy ny entana isan-karazany ankoatry ny vola. Efa nisy ny fanamafisana ny fiambenana any an-toerana amin'izao fotoana satria ahiana mbola hitety tanàna ireto andian-jiolahy ireto.

***Solohery***

## Taratasin'ny mpamaky

Hafatra sy taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy. NY FANATREHAN'I DADA NY ENY MAHAMASINA NY 19/01/19 ; TSY TOKONY HAMETRAKA OLANA HOANTSIKA MPANOHANA AZY : lasa resa-be ao @ tambazotra sosialy FB @ izao fotoana ny ho fanatrehan'i Dada ny eny Mahamasina ny 19/01/19 ; amiko manokana dia tsy tokony hiteraka olana hoantsika mpanohana azy izany na handraisana fanapahan-kevitra @ fo tezitra . Olon-dehibe izy iny ary kristianina ; iarahantsika nahita ny fanehoan-keviny nanoloana ireo hosoka sy tsy fahalavorariana nisy t@ fifidianana ary tena "victime" tanteraka ny tenany , nivoatra be anefa izany nandritry ny fifampiarahabana tratry ny taona natao teny Iavoloha raha nanatrika izany ny tenany satria dia endrika feno tsiky sy fanantenana no nasehon'i Dada ary nanambara ihany koa izy fa hanatrika ny famoahan'ny HCC ny vokatra ofisialy . Tonga nanatrika izany tokoa izy ary hitantsika tsara fa faharesentsika no navoakan'ny HCC t@ izany ary dia niarahaba ny mpandresy i Dada. Raha hanatrika ny eny Mahamasina ary izy dia tokony hametraka olana ve ? Tsia ny valiny raha amiko ; @ izao fotoana dia be no resy lahatra fa tena olon-dehibe sy Ray aman-dreny ary kristianina tokoa i Dada ary olona manana finiavana sy fanetrentena tokoa ! Mbola anaty fo rano mafana isika izao ka mbola tsy hahatsapa izany fa ao aoriana kely kosa dia samy hahatsapa fa mety ny fihetsiny ary hanome rariny azy isika . Olon-dehibe izy iny ary mahalala ny tokony hatao koa raha tena mbola mpanohana isika ; tokony haharitra sy hatoky azy hatrany . Mirary soa hoantsika rehetra ; tsy resy akory ny olo-mangina ary ny zavatra rehetra dia hisy farany avokoa . Homba antsika Andriamanitra

***Mamonjy Ny Rina***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**12/01/19 hatramin'ny 18/01/19**

- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11 / 033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm Soloprix) 020 22 229 86 / 034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58 / 020 22 545 59 / 034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 863-01-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TONTOLO IAINANA

## Ady hevitra amin'ny fahitalavitra momba ny fahapotehan'ny ala

Miha-potika hatrany ny ala eto Madagasikara amin'izao fotoana izao noho ny antony maro samihafa, anisan'izany ny doro tanety sy fikapana ala hanaovana kitay fandrehitra, saribao, sy ny maro hafa,… Ankoatra izany tamin'ny taona 2017, teto Madagasikara no nahitana fahapotehana ala be indrindra teto ambonin'ny tany nandritra ny herintaona, nahatratra 510000 ha izany. Io fahapotehana io dia teo amin'ny 3,8% ny ala eto amintsika. Noho izay antony izay sy ho fanentanana amin'ny ady amin'ny fanimbana ala, manomana famelabelarana arahina ady hevitra amin'ny fahitalavitra ny CNPE na ny Coalition Nationale de Plaidoyer Environnemental, na sehatra nasionaly miaro ny tontolo iainana ny talata 22 janoary 2019 ho avy izao, hanomboka amin'ny 9 ora maraina eny amin'ny La Résidence Ankerana. Handray anjara amin'izany ireo rehetra voakasiky ny resaka ala sy ny manodidina azy, na eo amin'ny sehatra miankina amin'ny fanjakana izany, na ny tsy mainkina.

*Aly*

Fizahantany

## Mpizahatany japone 1000 mitsidika an'i Faradofay

Misy sambo lehibe mpitondra mpizahatany ireny amin'izao fotoana mitsidika an'i Faradofay. "Peace Boat", na "sambon'ny fandriampahalemana" no anaran'ity sambo lehibe ity, mitondra mpizahantany japone miisa 1000. Omaly ity sambo ity no tonga tany Taolagnaro ary hitohy anio ny fitsidihany ny any an-toerana. Noho izay fitsidihana mpizahantany vahiny marobe izay, na andro vitsy fotsiny aza no andalovany any an-toerana, dia miroborobo ireo sehatra miankina amin'izay seha-pihariana izay, toy ny trano fandraisam-bahiny sy fisakafoana, ny fitaterana,… Fantatra fa fiara karetsaka na taxi miisa 76 no efa voafandrika hitondra ireto mpizahatany ireto any Fort-Dauphin, toy izany koa, fiara tsy mataho-dalana na 4 x 4 miisa 23 no ahetsika hitondra ireto mpizahatany japone ireto. Ankoatra ny fitsidihana ny any Faradofay sy ny manodidina, toy ny any Berenty, hisy amin'izy ireo no nanofana fiaramanidina manokana hitsidika ny any Morondava, izay toerana mahaliana mpizahatany koa.



*Aly*

LTP miisa 26

## Nahazo fitaovana 9 kaontenera avy amin'ny fitondrana sinoa

LTP, na Lycée Technique Professionnel miisa 26 manerana an'i Madagasikara no nahazo fitaovana maro samihafa avy amin'ny fitondram-panjakana sinoa, ireo LTP ireo dia amin'ny faritra miisa 10 eto amin'ny Nosy. Fitaovam-pampianarana sy fanofanana amina kaontenera miisa 9 ireo hozaraina ireo. Tonga nanolotra ireo fitaovana ireo, ho an'ireo talem-paritra avy amin'ny faritra miisa 10, tany Toamasina, ny minis-try ny fampianarana teknika sy fanofanana arak'asa, Rahantasoa Lydia. Nambarany tamin'izany, fa ireo fitaovana ireo dia hampiasain'ny mpianatra sy ny mpanabe any amin'ireo lycée teknika miisa 26 ireo, ka arakaraky ny filana sy ny zava-misy any amin'ny faritra no hitsinjarana azy. Raha any Foulpointe, izay malaza amin'ny resaka fizahantany hoy izy, ohatra dia ny fitaovana toy ny lafaoro no homena any. Fitaovana maro karazana ireo nomen'ny Ambasadaoron'i Chine ireo, anisan'izany ny fitaovana toy ny fandrefesan-tany sy ny maro hafa,… Nosoritan'ny ministra Rahantasoa Lydia koa fa mitohy ny fanomezana vatsim-pianarana ireo mpampianatra amin'ny fampianarana ara-teknika sy ny fanofanana, mandranto fiofanana any Maraoka.



*Ny ministry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, Rahantasoa Lydia.*


*Aly*

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 266**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0265)

***Mitsivalana***
- Angady
- No (Miv) – Hao
- Efatra
- Is(a) – Dio
- Fanakao (Miv)
- Nialanay
- If – Imamo

***Mitsangana***
- Avelony
- Fia (Miv)
- Goaika
- Antsaly
- Man (Miv)
- Anadahy (Miv)
- Mafy (Miv)
- Foko – Io

**TENY MIFANAPAKA** **N° 266**




**Mitsivalana**
**1.** Mikaroka – Onjam-peo nasionaly **2.** Tolonareo **3.** Omeo tànana – Faranteny **4.** Fanolorana masina **5.** Aoka tsy misy farany – Maneho zavatra tsy marina **6.** Sondrotra – Anaty rano **7.** Mandoro (BR) – Mampisafidy – Santa **8.** Tanterahina **9.** Tsirin-teny Atao – Nitsahatra (Miv) **10.** Azo eo am-pelatanana – Naoty

**Mitsangana**
**A.** Mpiasa anaty rano **B.** Mitempo **D.** Nizara roa – Tampisaka **E.** Sakoroka – Zava-maranitra (Miv) **F.** Fafanao **G.** Mpanoritra (Miv) – Kanto **H.** Volana fahadimy malagasy **I.** Renintsoratra mitovy – Bibilava – Ila, iry **J.** Tsy aloha fa aoriana handatsa – Nify tapaka **K.** Teny fiangaviana – Hita eo amin'ny fandriana

### Valiny Teny mifanaraka 0265

***Mitsivalana***
1 Sakay - Ory (Miv) 2. Lehilahy (Miv) 3. Lananana 4. Ta - Fary 5. Niantoka 6. Tana - Anio 7. Ela - Ro - Ana 8. Na - Ireo (Miv) - Or(a) 9. Ahatsapana 10. Ila - Miray

***Mitsangana***
A. Salantena B. Ialahy D. Kintana - Al(a) E. Ahoana - Ota F. Nay (Miv) - Res(y) G. Lafo - Maro (Miv) H. Akany (Miv) - (P)ipy I. Iharana - Ar J. Re - Inona K. Oly - Voaray




## NY FIADIDIANA NY TANÀNAN'ANTANANARIVO DIA MAMPAHAFANTATRA FA :

**Noho ny fanamboaran-dalana**
**dia**
**Ho tapaka ireto lalana manaraka ireto ny Alarobia 16 janoary 2019 hatramin'ny Sabotsy 16 febroary 2019 :**

**1- Lalana manomboka eo amin'ny RM1 (Andohan'Analakely) - Lalana Rabezavana (Ambodifilao) - Soarano (Firaisana voalohany)**

Ireo fiara rehetra te hihazo ny lalana Rabezavana dia mandray avy hatrany ny lalana Andrianampoinimerina (Anelanelan'ny pavillon sy ny esplanade) na mandray ny araben'ny 26 jona 1960

**2- Lalana Refotaka (Eo anelanelan'ny HAZA sy FUJIFILM)**

Ireo fiara rehetra te hihazo iny lalana iny dia mandray avy hatrany ny lalana Réallon (Pompier Tsaralalana)

**Ialana tsiny noho ny fanelingelenana**

www.facebook.com/Caerasera/